# Hatao tanteraka ao amin'i Jesoa Kristy

Vakio ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto. Mitadiava andian-teny izay mampitombo ny fatokisanao fa ny Mpamonjy dia afaka manampy antsika handresy ny tsy fahatanterahantsika ka ho tonga tahaka Azy kokoa. Azonao atao lisitra ao amin'ny diary fandalinanao na any ambadiky ny taratasy zaraina ny zavatra hitanao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:40–42

Etera 12:27

Môrônia 10:32–33


Vakio ity teny nambara manaraka ity. Tadiavo izay azontsika atao mba handresena ny eritreritra mikatsaka ny tonga lafatra ary mifantoha amin'ny fahatongavana ho tsara kokoa amin'ny alalan'i Jesoa Kristy. Azonao atao ny manasongadina andian-teny iray izay miavaka aminao.

Nampianatra ny zavatra andrasan'ny Tompo sy izay tsy andrasany amintsika ny Loholona Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Andriamanitra dia tsy mitady olona tsy manana fahalemena. Mitady ireo izay vonona hanolotra "fo sy saina marisika" [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:34] Izy, ary izy ireo dia hataony "tanteraka ao amin'i Kristy" [Môrônia 10:32–33]. (Dieter F. Uchtdorf, "Five Messages That All of God's Children Need to Hear" [Brigham Young University Education Week devotional, 17 Aug. 2021], 3, speeches.byu.edu)

Nanazava ny zavatra azontsika atao ny Filoha Russell M. Nelson rehefa mahita ny tsy fahatanterahantsika isika:



Andeha isika hanao izay tsara indrindra vitantsika ary hiezaka hihatsara isan'andro. Rehefa miseho ny tsy fahatanterahantsika, dia afaka miezaka foana isika hanitsy izany. Afaka ny ho mpamela heloka kokoa isika amin'ireo fahalemena ao anatitsika sy eo anivon'ireo olona akaikin'ny fontsika. (Russell M. Nelson, "Perfection Pending," *Ensign*, nôv. 1995, 88)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_576-1